


Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# Ahoana ny atao mba azo antoka tsara ny vokatra amin'ny andrana

**Mba hatomombana sy ho tsara kalitao ny valin'ny andrana amin'ny toerana iray dia mila hajaina ireto fepetra manaraka ireto :**

## 1. Saha mitovy tantana misy ny andrana :

a. toerana iray no asiana ny andrana: endriky ny tany , fahalonaky ny tany,asa-tany.

b. la même gestion et entretien pour tous les parcelles : hatevinn'y famafazana, elanelana sy ny isan'ny voa isaky ny lavaka, fampiasana fanafody amin'ny doria, fiavana izay atao amin'ny andro iray ny valatahalaka rehetra,fitovin'ny hatevin'ny voly hafa miaraka aminy.


**Ireo lafinjavatra ireo dia misoroka fahadisoana sy fitongilanana rehefa manao fanatombanana ny karazana voly na ny «traitement»**(=zavatra iray ho jerena amin'ny andrana eo amin'ny valatahalaka iray) **hafa**

## 2. Isan'ny tamberina:

Mety hisy zavatra hitranga sy tsy voafehy izay misy fiatraikany amin'ny vokatra farany dia ilaina ny mamerimberina ny «traitement» hita ao amin'ny andrana mba ahafahana mijery tsara sy manombana azy rehefa misy tamberina mitovy.


**Azo antoka kokoa ny fahamarinan'ny vokatra rehefa misy ny tamberina (repetition) betsaka! Ny filahatry ny traitement amin'ny tamberina dia napetraka kisendrasendra (randomisation).**

### Ohatra 1




Tamberina indroa ny karazana bajiry (V1 – V3) ao anaty saha iray.Napetraka kisendrasendra avy ireo(R1,R2) izay samy ahitana karazana bajiry vavolombena(témoin)miaraka aminy.

### Ohatra 2




Mba hamora ny asa sy ny zavatra mety hitranga amin'ny mpamboly,famerenana iray ihany isaky ny mpamboly. Ny tamberina tsirairay dia tsy maintsy ahitana vavolombelona iraisina ary mitovy fepetra.

## 3. Fepetra ny andrana, dia tokony haneho ny fepetran'ny vokatra kendrena

Ohatra, ny mpamboly dia mitady karazana voly mety amin'ny tany fasihana , tena ilaina ny manandrana ireo karazana bajiry vaovao any amin'ny toerana fasihana. Hoan'ny karazana voly mila fotoam-pamafazana tara , dia mila andramana atao tara ny datin'ny famafazana.Raha tsy misy fahafahana mividy zezi-bazaha ny mpamboly dia tsy mila manao andrana intsony amin'ny karazana voly sy fatran'ny zezika.

## 4. Habean'ny valatahalaka madinika (parcelle élementaire)

Arakaraky ny mahakely ny valatahalaka no mahampisy fiantraikany ny sisiny amin'ny fanombatombanana amin'ny taham-bokatra. Arak'izany tsy raisina ny sisiny rehefa hanao tombana ny voly ka mila valatahalaka lehibe mba ahafahana mamela ny tsipika roa sisiny ka ny ao ampovoany ihany no jinjaina.

## 5.Fanaraha-maso

a. Jerena sy atao ny fandrefesana amin'ny daty sy fotoana mety amin'ny fivoaran'ny voly rehefa hita miseho mazava sy azo refesina ny fahasamihafana.

b. Ataovy fandrefesana isaky ny valatahalaka amin'ny fomba sy fitaovana mitovy (ohatra: mizana iray ampiasaina amin'y fandanjana ny vokatra).

c. Olona iray ihany no manome naoty sy mandray ny toetra voaasoritra mialoha eo amin'ny valatahalaka rehetra amin'ny andrana.


© vomBrocke

Mariho ao amin'ny tsanganana «commentaires» (fanamarihana) ao amin'ny kahie fanarahamaso ny fahasamihafana hita ao amin'ny andrana: fahasamihafana amin'ny fahamasahan'ny tany na ny karazana tany, vokatry ny fiangonan'ny rano,aloky ny hazo, fahasimbana ataon'ny biby,etc.

| REP | # VAR | NOM | caractères NP | HP | PG | Commentaire |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | V1 | *AFAFIS42* | | | | |
| 1 | V2 | *AFAFIS50* | | | | |
| 1 | V3 | *AFAFIS17* | | | | |
| 1 | T | *Rasta* | | | | |

## 6. . Karazana voly atao vavolombelona

Tokony ny mpamboly no misafidy azy izay tena tsara amin'ireo fepetra kendrena , mba ahafahana mampitahy ny karazana voly vaovao amin'ny vavolombelona. Tokony ho tsara kalitao ny karazana voly atao vavolombelona ary azo avy amin'ny vokatra tsara sy azo antoka ka ampiasaina amin'ny andrana rehetra izay mitovy tondrozotra.

## 7. Fanafoanana ny valatahalaka kely vitsy fototra

Raha misy valatahalaka ka be loatra ny fototra maty tsy naniry , tsy azo antoka intsony ny vokatra ny karazana voly na ny traitement. Raha sendra an'io, farafahakeliny mba tokony misy fototra 10 mba ahatsara ny fandrefesana sy fanaharamaso atao.

RÉPUBLIQUE FRANÇAISE
cirad LA RECHERCHE AGRONOMIQUE POUR LE DÉVELOPPEMENT
FOFIFA
CTAS AGROECOLOGIE
GRET Professionnels du développement solidaire
AVSF AGRONOMES & VÉTÉRINAIRES SANS FRONTIÈRES
AFAFI - Sud